


**Ireo mpanohana ofisialy ny hazakazaka lavitr'ezaka Marathon, hatao eto Antananarivo, tsy ho ela.**

Marathon International de Tanà

# Handray anjara ireo Tompondaka eran-tany eo amin'ny taranja Karate sy Taekwondo !




**Ireo mpikarakara sy solontenan'ny mpiara-miasa mpanohana ity hetsika ity tetsy Antaninarenina. (Sary : Nary R.)**

*Mety hisy teratany afrikana tatsimo ihany koa hoavy amin'ity.*

Ankoatra ireo mpihazakazaka avy atsy La Réunion sy Maorisy, fantatra ihany koa izao, fa hoavy eto Antananarivo handray anjara amin'ny andiany faha-16 ny "Marathon International de Tanà" ireo tompondaka eran-tany eo amin'ny karate, Ramatoa Laurence Fischer sy ilay mpanao taekwondo, teratany Frantsay, M'Bar N'Diaye. Io no nambaran'ny filohan'ny Federasiona Malagasy ny atletisma, Norolalao Andriamahazo omaly, tetsy amin' ny hotel Colbert, nandritra ny fampahafantarana ny fizotran'ity hetsika ity. Eo amin'ny hazakazaka 10km no handraisan'ireo anjara hatreto raha ny fantatra. Ny 15 sy 16 oktobra izao moa no hizoran'izy ity, izay hisy zava-baovao roa. Voalohany amin'izany ny fisian' ilay hetsika Marathoon's ary ny faharoa, ilay "cabaret" an-kalamanjana iarahana amin'ilay mpanakanto Fanja Andriamanantena, hotronin' ireo mpanakanto namany maro. Raha hiverenana ny mahakasika ny "marathon", nambaran'ny filohan'ny FMA, efa ao anatin'ny fanomanantena tsara ny mpilalao Malagasy, izay voalazany fa ireo tena mahery no raisin'ny FMA an-tanana, toa an-dry: Hajanirina, Jean de la croix, Fulgence, Marinah, Oliva, Lanto sy ry Fanomezantsoa, izay hezahana mba handresy ireo vahiny amin'ity andiany ity. Tsiahivina fa 1.500.000ar. no "prime" homena ny mpandresy, ankoatra ireo loka maro isan-karazany avy amin'ireo mpanohana. Ireto farany, izay mbola nanambara sy nilaza ny fahavononany tamin'ny fomba ofisialy, omaly, fa isan'ny mpanohana ity hetsika ity.

Rabenaivo